Miezaha ho Tapa-kevitra ny Hijanona ho Virjiny

Hoy ny Baiboly: ‘Fadio ny fijangajangana.’ (1 Tesalonianina 4:3) Saintsaino izay mety hitranga raha tsy manaraka an’io ianao. Vao mainka ho resy lahatra ianao amin’izay hoe natao hahasoa anao ny lalàn’Andriamanitra.

Maneritery ve ny lalàn’Andriamanitra?

Nahoana no raran’Andriamanitra tsy hanao zavatra azony ankafizina ny olona tsy manambady?

Alao sary an-tsaina ireto zava-mitranga ireto:



ZAVA-MITRANGA 1

FANIRIANA

ZAVA-MITRANGA 2

FANEREN’NY NAMANA

ZAVA-MITRANGA 3

FAKAM-PANAHY

ZAVA-MITRANGA 4

VOKANY

Manenina ny ankamaroan’ny tanora manao firaisana alohan’ny fanambadiana. **Inona no antony, araka ny hevitrao?**

_____

_____

Ankizilahy *hiaro* azy no tena tian’ny ankizivavy, fa tsy ankizilahy hanararaotra azy. Tsy dia manintona ny ankizilahy koa ny ankizivavy raha vao mora adalaina. **Inona no antony, araka ny hevitrao?**

_____

_____

www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

DINIHO TSARA ILAY IZY

Valio ireo fanontaniana ireo.

ZAVA-MITRANGA 1

FANIRIANA

Nahoana no tsy voatery ho ratsy foana ny faniriana hanao firaisana?—**Vakio ny Ohabolana 5:18, 19.**

Ny faniriana hanao firaisana ihany ve no faniriana ao anatinao? (Milazà faniriana hafa.)

Tanterahinao foana ve ireo faniriana ireo isaky ny tsapanao? ENY TSIA

Mino ve ianao fa tena voafehinao ny fanirianao hanao firaisana? ENY TSIA

Andriamanitra no namorona ny faniriana hanao firaisana. Milaza koa anefa izy fa tokony hiezaka hifehy tena ianao. Inona àry no atokisany fa ho vitanao?—**Vakio ny 1 Tesalonianina 4:4.**

ZAVA-MITRANGA 2

FANEREN'NY NAMANA

Araka ny hevitrao, nahoana no misy maneso ny ankizy mbola virjiny?

Nahoana ny namanao no mety hampirisika anao hanao firaisana?

Ahoana no tokony hiheveranao an'izay mampirisika anao tsy hankatò ny lalàn'Andriamanitra? —**Vakio ny Ohabolana 13:20.**

ZAVA-MITRANGA 3

FAKAM-PANAHY

Misy olona, na toerana, na toe-javatra tokony hohalavirinao ve raha tsy te ho tratran'ny fakam-panahy hanao firaisana alohan'ny fanambadiana ianao?

www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

ZAVA-MITRANGA 4

VOKANY

Mety ho sarotra amin'ny olona zatra nanao firaisana talohan'ny fanambadiana ny hiova, rehefa manambady izy. Nahoana izany no manasongadina fa tsy tokony hanao firaisana ianao raha mbola tsy manambady?—**Vakio ny Galatianina 6:7, 8.**

Araka ny hevitrao, inona no maha tsara ny hoe mijanona ho virjiny mandra-pahatongan'ny mariazy?

Tena mino ve ianao fa ny mankatò ny didin'Andriamanitra momba ny firaisana alohan'ny fanambadiana no mahasambatra kokoa noho ny hoe "manao izay tianao" hoatran'ny namanao? Raha eny, nahoana?

MAMORÒNA PAIKADY

ZAVA-MITRANGA 1: FANIRIANA
Izao no hataoko raha mitady ho resin' ny faniriako aho:

ZAVA-MITRANGA 2: FANEREN'NY NAMANA
Izao no holazaiko raha mampirisika ahy hanao firaisana ny ankizy na maneso ahy noho izaho mbola virjiny:

ZAVA-MITRANGA 3: FAKAM-PANAHY
Izao no hataoko raha misy toe-javatra mety hahatonga ahy hanao firaisana:

VITANAO IO!

Raha tapa-kevitra dieny izao ianao hoe tsy hanao firaisana alohan'ny fanambadiana dia ho afaka hanao safidy tsara na dia teren'ny namana aza.

www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania